# NY MPANORATRA Haëckel ANDRIANJATOVO

## TANJONA

- Mahalala sy mahafantatra ny mpanoratra sy ny lalan-kizorany amin'ny maha mpanoratra azy ary mihanoka ny asa soratra nahafantarana azy.

## LESONA HOTADIDINA

**Iza moa ny mpanoratra Haëckel ANDRIANJATOVO?**

Teraka tamin'ny 17 oktobra 1912, tao Ambositra ny mpanoratra Haëckel ANDRIANJATOVO.
Anisan' ny mpanoratra manan-talenta tamin'ny tononkalo sy ny tantara foronina izy. Zanaka tantsaha izy ary niaina tao anaty ankohonana maro mpiray tampo

**Ny tantaram-piainany nolalovany sy nizorany:**

Rehefa tonga taona hianatra i Haëckel ANDRIANJATOVO, dia nalatsaky ny ray aman-dreniny hanovo fianarana voalohany tao amin'ny sekolim-panjakana Ilaka (Ilaka centre Ambositra), ny 1921-1923. Nanohy fianarana tao amin'ny sekoly Norveziana ny 1923-1926. Nitohy ihany ny lalany, nanovo fahalalana tao amin'ny sekoly Anglikana Ambohimanoro Antananarivo izay nahazoany ny mari-pahaizana ahafahany mampianatra ny 1926-1930.
Asa nimasoany ny asa fampianarana ka tao amin'ny sekoly Advantista Ankadifotsy sy tao amin'ny sekoly Ankadifotsy ny toeram-piasany.

**Haëckel ANDRIANJATOVO sy ny literatiora**

Efa hatry ny fony no efa nilona sy nankamamy ny literatiora ny mpanoratra ary nivoatra arakaraka ny vanim-potoana nolalovany izany.

Isan'ireo nitantana azy ny fifaneraserana tamin-dRAJAOBELINA izay nitantana ny sekoly Ambohijatovo avaratra izay nampianarany.
DOX, Emilson Daniel ANDRIAMALALA, no mpanoratra nanampy azy.

Tantara foronina no nisongadinany amin'ny maha mpanoratra azy:

ohatra: Feon'ny fahagola

Eva mpandresy

Diamondra

Na izany aza nanao tononkalo ihany koa ny mpanoratra

ohatra: Ririnina

Ny tara-kevitra novoiziny tany anatin'ny asa sorany dia ny:

- → Kolontsaina malagasy
- → Fianana ambanivohitra
- → Fitiavana
- → Ny tontolo iainana

**Sahanasa 1**

1- Iza ny mpanoratra Haëckel ANDRIANJATOVO?

2- Lazalazao ny lalan-kizorany teo amin'ny literatiora.

3- Fintino ao anatin'ny fehezanteny dimy eo ho eo ny mombamomba ny mpanoratra Haëckel ANDRIANJATOVO

**Sahanasa 2**

Indro misy tononkalo "ririnina", nosoratan'i Haëckel ANDRIANJATOVO

**Ririnina**

Nankaiza ny tsiky, ny lanitra manga
No be sorisory sy maloka lava?
Somparan'ny rahona ka tsy mitranga
Ny fara-masoandro natao hanazava

Nankaiza ny ravina, elon'ny hazo
Ny vony mivelatra, radon'ny saha?
Finaokan'ny rivotra fa efa malazo
Tsy ho hitan'ny mason'ny tia zahazaha

Mangina ny feo mikotaba ao an'ony
Fitopa malefaka sy eri-mitaika
No reko mahalana, tony dia tony
Nankaiza ny riana mahery fiantraika?

Ny tampon-tanety nahoana no ngazana?
Ny tendron-kavoana no mangadihady?
Mahaiza mandinika rehefa mitazana
Ny fotoa-mamanala efa tonga sahady

Izany ka izany no tsy andrenesana
Ny vazon'ny vorona zatra mihira
Matahotra hatsiaka sy fahafatesana
Ka lasa mihataka arý an-dakira

Izany ka izany no tsy ahitana
Aina marisika, vonon-kiasa
Ny andro kanefa dia mbola hafana
Ny hatsiakan-dririnina koa ho lasa

**Haëckel ANDRIANJATOVO**

**Fanontaniana**

1- Miainga amin'io lahatsoratra io, asongadino ny mampiavaka ny tononkalo.

2- Lazao ny mahakanto ny tononkalo.

3- Tanisao hevi-dehibe misongadina ao amin'io tononkalo io.